

**FIANGONANA PROTESTANTA MALAGASY ATY AN-DAFY  
TAFO LA RÉUNION  
FITSIPIKA ANATINY**

**Toko voalohany : FEPETRA FOTOTRA**

Andininy 01 : Ity FITSIPIKA ANATINY ity, izay mamaritra ny toerana sy ny asan'ny FPMA La Réunion dia mirakitra ny dikan-teny sy ny fomba fampiharana izay voasoritra ao anatin'ny FITSIPI-PANORENANA, dia ny « STATUTS DE L'ÉGLISE PROTESTANTE MALGACHE EN FRANCE », lany tamin'ny Synoda faha 27 natao tao Grenoble, tamin'ny 4 sy 5 Novambra 2000.

Andininy 02 : Tsy maintsy lanin'ny Fivorian'ny Mpandray sy nahazo fankatoavana avy tamin'ny Birao Foibe ity Fitsipika Anatiny ity vao manan-kery.

**Toko faharoa : FOTOTRA SY ZAVA-KENDRENY**

Andininy 03 : Ny Fiangonana Protestanta Malagasy aty Andafy La Réunion dia mino an' i JESOA KRISTY TOMPO ho ANDRIAMANITRA sy hany Mpamonjy araka ny SORATRA MASINA.

Andininy 04 : Ny fitoriana ny Filazantsaran'i Kristy no zava-kendreny, ary hiezaka hanatanteraka izany izy ho voninahitr' ANDRIAMANITRA TOKANA, RAY sy ZANAKA ary FANAHY MASINA, amin'ny alalan'ny :

- Fandavorariana ny fotoam-pivavahana,
- Fikarohana izay takian'ny Filazantsara momba ny finoana sy ny fiainana aman'andraikitra ny fiangonana eo anivon'izao tontolo izao,
- Fijoroana ho vavolombelon'i JESOA KRISTY amin'ny finoana sy ny fahamarinana ary ny fiainana mendrika ny hazo fijalian'i JESOA KRISTY Tompo,
- Fitaizana sy fanolokoloana ny aim-panahin'ny mpikambana,
- Fisarihana ho Mpikambana ireo Malagasy mbola any ivelany
- Fiantohana ara-bola ny asam-piangonana rehetra, ny fikojakojana ary ny fanatontosana ny fanompoam-pivavahana.

Andininy 05 : Ny Foiben-toeran'ny FPMA Tafo La Réunion dia ao amin'ny 7 Avenue Georges Politzer, Bâtiment 7, Appartement 23, 97420 Le Port, La Réunion.  
Azon'ny Komitin'ny tafo atao ny mamindra io adresy io rehefa nankatoavin'ny Fivorian'ny Mpandray.

Manerana ny nosy La Réunion sy Frantsa manontolo ny sehatra iasany.

Andininy 06 : Tsy azon'ny tafo La Réunion atao ny manohana sy mifandray ary mandray anjara amin'ny antoko na fikambanana manao politika rehetra.

**Toko fahatelo : RAFI - PIFANDRAISANA AMIN'NY FIANGONANA Hafa**

Andininy 07 : Afaka mifandray mivantana amin'ny fiangonana sy fikambanana ao anatin'ny vondrom-piangonana efa neken'ny FPMA Foibe ny Tafo La Réunion.

## Toko faha-efatra : NY MPIKAMBANA AO AMIN'NY F.P.M.A LA RÉUNION

Andininy 08 : Ny FPMA La Réunion dia mandray ho isan'ny Mpikambana ao aminy :

1 / - Izay Malagasy :

- \* protestanta avy amin'ny sahan'ny FFPM avy any an-tanindrazana;
- \* misoratra amin'ny bokim-piangonana protestanta Malagasy aty an-dafy ka efa neken'ny FPMA;
- \* vonona handray sy hanaraka ny fampianaram-pinoana protestanta ka mirotsaka ho mpianatra katekomena ary manaiky sy manaja ny Fitsipika mifehy ny FPMA.

2 / - Izay olona vonona hiaina araka ny finoana protestanta ka manaiky sy manaja ny Fitsipika mifehy ny FPMA.

Andraikitra ny Birao sy ny Mpitandrina mpandrindra ny Tafo ny manaiky na mandà ireo olona manoratra ny faniriany hiditra ho anisan'ny Mpikambana eto amin'ny FPMA Tafo La Réunion.

Andininy 09 : Ny Mpikambana dia misy sokajy roa :

- Mpikambana TOMPON'ANDRAIKITRA;
- Mpikambana TSOTRA;
- Mpikambana MPANOHANA.

Ny Mpandray ny Fanasan'ny Tompo rehetra no antsoina hoe **Mpikambana Tompon'andraikitra**.

Ny **Mpikambana tsotra** dia ireo olona rehetra voasoratra ao anatin'ny bokim-piangonana kanefa tsy mbola Mpandray ny Fanasan'ny Tompo.

Ny **Mpikambana Mpanohana** dia ireo mpikambana tsotra rehetra manolo-tena handoa adidy isan-taona na manome fanomezana ara-bola.

Ny Mpikambana Tompon'Andraikitra ihany no mahazo mandatsa-bato.

Andininy 10 : Ny Mpikambana rehetra ao amin'ny FPMA Tafo La Réunion dia tsy maintsy voasoratra ao amin'ny bokim-piangonana mirakitra ny anarana sy ny fanampin'ny anarana, ny adiresy, ny telefona, ny taranaka, sns momba ny mpikambana.

Andininy 11 : Mampandre ny Birao izay mitondra azy eo amin'ny Fivorian'ny Mpandray ny olona maniry hiala tsy ho isan'ny mpikambana.

Mipetraka ho andraikitra ny Fivorian'ny Mpandray ny fikosehana anarana amin'ny bokim-piangonana.

Andininy 12 : Isaka ny roa (2) taona no fotoana anavaozana ho araka ny toetr'andro ny bokim-piangonana mirakitra ny anaran'ny mpikambana.

Andininy 13 : Omena alàlana malalaka hanatrika ny fotoam-pivavahana karakarainy ny olona tsy mpikambana ao amin'ny FPMA La Réunion, raha vonona ny hanaja ny filaminana sy ny rafi-pandaminana takian'ny fotoam-pivavahana.

## Toko fahadimy : RAFI - PANDAMINANA

Andininy 14 : Ato amin'ny Faritany Atsimo-Andrefana (FAtsAn) eto Frantsa, sahan'asan'ny FPMA, lany tamin'ny Synoda faha 28 natao tao Toulouse ny 9 sy 10 ary 11 Novambra 2002 no misy ny FPMA La Réunion miaraka amin'ny Tafo FPMA Bordeaux sy FPMA Toulouse ary FPMA Montpellier.

Andininy 15 : Ambaratonga TAFO no rafi-pandaminan'ny FPMA La Réunion.

Andininy 16 : Ny Association Fanasina, miorina araka ny lalàna tamin'ny 1 Jolay 1901 sy ny didim-pitondrana (decret ) dia tamin'ny 16 aogositra 1901, dia natsangana mba hisolo tena ny Fiangonana eo amin'ny sehatry ny asa koltoraly sy sosialy, amin'izay tsy azony sahanina amin'ny maha-Fiangonana azy, eo anatrehan'ny lalampanjakana frantsay. Anisan'ny rafi-pandaminana ny Association Fanasina, fa tsy rafi-pitondrana, izany hoe

miasa ho an'ny Fiangonana izy, manana ny fitsipika mifehy azy izay ankatoavin'ny Fiangonana.

## **Toko fahenina : RAFI - PITONDRANA**

Andininy 17 : Ireto ny rafi-pitondrana ato amin'ny FPMA La Réunion manaraka ny Fitsipika FPMA and. 27 (KM aprily 1999) :

- ny Fivorian'ny Mpandray na Ankatoky ny fandraisana;
- ny Fivorian'ny Komitin'ny Tafo;
- ny Fivorian'ny Birao.

### **A - NY FIVORIAN'NY MPANDRAY**

Andininy 18 : Ny toerana sy ny andraikitra ary ny fahefan'ny Fivorian'ny mpandray dia araka izay voafaritra ao amin'ny Fitsipika FPMA and. 27.1 (KM avrily 1999).

- 1) Ny Fivorian'ny Mpandray no fahefana fara-tampony eto amin'ny FPMA La Réunion. Izy no mamaritra ireo sori-dàlana ankapobeny hoenti-manatanteraka ny zava-kendren'ny FPMA sy ny Faritany. Izy koa no mandray ny fanapahan-kevitra lehibe eo amin'ny fiainan'ny tafo.
- 2) Azon'ny mpikambana tsotra atao ny manatrika sy mandray anjara amin'ny fifanakalozan-kevitra ao amin'ny Fivorian'ny Mpandray, saingy ny mpikambana tompon'andraikitra ihany no mahazo manapa-kevitra.
- 3) Tsy azon'ny Fivorian'ny Mpandray hatao ny mandray ny fanapahan-kevitra mifanohitra amin'izay efa tapaky ny Synoda Lehibe sy ny Synodam-paritany ary ny Komity Maharitra sy ny Komitin'ny Faritany, na maka fanapahan-kevitra mifanohitra amin'ny zotra fototra efa najoron'ireo ambaratongam-pitondrana ireo.
- 4) Ny Fivorian'ny Mpandray no mifidy ny Diakona.

Andininy 19 : Ny alahady farany amin'ny volana no atao ny Fivorian'ny Mpandray ao amin'ny toerana anaovana ny fanompoam-pivavahana, raha tsy misy antony manokana.

Andininy 20 : a) Amin'ny Fivorian'ny mpandray no handinihana sy hanapahana ary hitsinjarana ny asa ho enti- mampandroso ny Tafo, asa efa voadinika sy voalamina mialoha eo amin'ny Komitin'ny Tafo.

Eo koa no anaovana ny filazana samihafa sy tatitra tsara ho fantatry ny mpikambana tompon'andraikitra.

b) Amin'ny fivoriana hanapahan-kevitra, dia atao aloha ny fanazavana, dia tapahina ny hevitra. Ny mpikambana ao amin'ny Komity (Birao, Diakona sy Komity) dia tokony tsy hanao teny afa-tsy fanampim-panazavana ihany (fa tsy hitsipaka ny hevitra efa voavolavolan'ny Komitin'ny Tafo)

d) Rehefa vita ny fanazavan-kevitra rehetra ka atao ny fanapahan-kevitra, raha lany ny hevitra naroson'ny Komitin'ny Tafo dia miato ny adihevitra rehetra fa ny fampiharana no sisa. Raha tsy lany ny hevitra dia averina ho dinihan'ny Komitin'ny Tafo indray. Izany no atao dia ny hisian'ny filaminana eo amin'ny fandinihana sy fanapahana hevitra ary hisorohana ny adihevitra be mety hampikorontana ny fiainam-piangonana.

Andininy 21 : Ny Filohan'ny Tafo no mitarika ny fivoriana ary ny Mpitandrina no manao ny fanomanam-panahy.

Andininy 22 : Ny Mpikambana tompon'andraikitra ihany no mahazo manapa-kevitra sy mifidy ary mandatsa-bato amin'ny Fivorian'ny Mpandray.

Lany ny hevitra mahazo vato betsaka indrindra amin'ny Fivorian'ny Mpandray.

Andininy 23 : Ny fivorian'ny Mpandray volana Janoary sy Jona izay antsoina hoe **Fivoriambe** dia atokana indrindra handinihana ireto asa manaraka ireto :

- *Janoary* : ny toe-bola sy ny asa vita tamin'ny taona lasa (sy fanomezana "quitus" ny fitantanam-bola) sy ny teti-bola sy ny tetik'asa ho an'ny taona diavina ;
- *Jona* : Famaritana sy fanambarana ny toe-bola sy ny fizotran'ny asa ary ny fanatsarana mety hatao.

Andininy 24 : Ny Biraon'ny Tafo no miandraikitra ny fitanana an-tsoratra ny Fivorian'ny Mpandray sy ny hevitra tapaka, ary azon'ny rehetra jerena izany tatitra izany.

Ny fitanan-tsoratra tamin'ny Fivorian'ny Mpandray farany dia vakina amin'ny Fivorian'ny Mpandray manaraka ary ankatoaviny rehefa nampiana sy nahitsy ka ekeny ny voasoratra farany rehetra tao.

Andininy 25 : Misy Fivorian'ny Mpandray tsy ara-potoana raha :

- ny Birao na ny Mpitandrina mpandrindra ny tafo no miantso ;
- ny roa ampahan-telon'ny (2/3) mpikambana feno, voasoratra ao anatin'ny bokim-piangonana ka manao sonia, fara fahakeliny no mangataka amin'ny Birao.

Ampahafantarina amin'ny alalan'ny filazan-draharaha ao am-piangonana izany ka lazaina ny anton'ny fangatahana sy ny andro hanaovana azy.

Tsy mihoatra ny tapa-bolana ny fotoana manelanelana ny nandraisana ny fangatahana sy ny fivoriana setriny.

## **B - NY KOMITIN'NY TAFO**

Andininy 26 : Ny Mpikambana sy ny andraikity ny Komitin'ny Tafo dia araka ny voafaritra ao amin'ny Fitsipika FPMA (and. 27.2 KM aprily 1999) :

- 1) Ny Komitin'ny Tafo no miahy ny fiainam-panahy sy ny ara-bolan'ny tafo ary ny fijoroany ho vavolombelona. Izy no manao izay hahatanteraka ao amin'ny Tafo ny fanapahan-kevitra ny ambaratongam-pitondrana ambony no sady manapa-kevitra ny amin'ireo raharaha maika tsy azo hiandrasana ny Fivorian'ny Mpandray.
- 2) Ny Komitin'ny Tafo no mamaritra sy mamolavola ireo laha-dinika ho entina amin'ny Fivorian'ny Mpandray.
- 3) Ireto no mpikambana ao amin'ny Komitin'ny Tafo : ny Mpitandrina mitantana ny Tafo, ny Diakona rehetra, ny Filohan'ny Sampana.

Andininy 27 : Mivory indray mandeha isam-bolana ny Komitin'ny Tafo manomana ny Fivorian'ny Mpandray sy mihaino ny tatitr'asan'ny Birao sy ny Sampana ary ny Vaomiera.

Andininy 28 : Ny Mpitandrina no miantso sy mitarika ny fivoriana, ary ny Biraon'ny Tafo no miandraikitra ny fandraisana an-tsoratra ary mitahiry ireny fitantanana an-tsoratra ireny sy izay mety ho avy amin'ny Sampana sy Vaomiera ary Tarik'asa.

Ny votoatin'ny hevitra tapaka tamin'ny fivorian'ny Komity farany dia vakiana amin'ny fivorian'ny Komity manaraka ary ankatoaviny rehefa nampiana sy nahitsy ka ekeny ny voasoratra farany rehetra tao.

Andininy 29 : Lany ny hevitra mahazo vato betsaka indrindra.

Raha misy fitovian'ny isa azon'ny hevitra mifanipaka, aorian'ny fiodianana faharoa, dia ny Birao no manapaka.

Miara-mizaka ny hevitra tapaka ny mpikambana rehetra ary eo amin'ny Fivorian'ny Mpandray, Mpikambana amin'ny Komity dia tsy mahazo mandroso hevitra hafa mifanohitra amin'izay tapaky ny Komitin'ny Tafo entina eo amin'ny Fivorian'ny Mpandray.

Andininy 30 : Toy izao ny fitsinjaram-bato ao amin'ny Komitin'ny Tafo :

- ny Mpitandrina : 1 ;
- ny Birao : 1 avy
- ny Diakona tsy ao amin'ny Birao : 1 isan'olona ;
- ny solontena hafa : 1 avy.

Andininy 31 : Manao tatitra hatrany eo amin'ny Fivorian'ny Mpandray ny Komitin'ny Tafo momba ny fizotran'ny asany sy amin'izay fanapahan-kevitra maika tsy maintsy noraisina.

Andininy 32 : Afaka manendry olon-kafa ao amin'ny sampana hisolo azy ny Filohan'ny Sampana raha misy tsy fahafahany.

Andininy 33 : Zon'ny Komitin'ny Tafo, raha tsy mifanipaka amin'ny Fitsipika anatin'ny, ny mandamina sy mandrindra ny fomba fiasany. Ampahafantariny ny mpikambana izany eo amin'ny fivoriana sy amin'alalan'ny Gazety, raha ilaina.

Andininy 34: Ny Komitin'ny Tafo no miezaka manao hatrany izay rehetra ahafahan'ny fiangonana mandroso eo amin'ny zava-kendreny araka ny voalaza ao amin'ny andininy faha 4 amin'ity fitsipika ity.

Andininy 35 : Misy **Fivorian'ny Komitin'ny Tafo tsy ara-potoana** raha :  
- ny Birao na ny Mpitandrina mpandrindra ny tafo no miantso ;  
- ny antsasaky ny mpikambana ao amin'ny Komitin'ny Tafo no mangataka. Raha izany dia tsy maintsy miantso fivoriana ao anatin'ny valo (8) andro ny Filoha.  
- misy tsy fifanarahana eo amin'ny fitazonana ny kaotim-bola, ka mangataka fivoriana amin' alalan'ny iray amin'ireo fomba ireo ny mpanamarim-bola.

## **D - NY BIRAON'NY TAFO**

Andininy 36 : Ny Biraon'ny Tafo dia manaraka izay voafaritra ao amin'ny Fitsipika FPMA and. 27.3 (KM aprily 1999).  
1) Ny Biraon'ny Tafo izay fidina avy amin'ny Diakona mandritra ny Fivorian'ny Mpanandray no mitantana ny raharahan'ny Tafo amin'ny andavandro.  
2) Isaky ny roa taona mifanandrify amin'ny fifidianana Diakona no hanavaozana antsasaky ny mpikambana ao amin'ny Biraon'ny Tafo.

Andininy 37 : Enina (6) ny isan'ny mpikambana ao amin'ny Birao, ankoatry ny Mpitandrina mitantana ny Tafo :  
- Filoha  
- Filoha Lefitra  
- Mpitambola  
- Mpitantsoratra momba ny vola  
- Mpitantsoratra roa

Fidin'ny Diakona izy ireo ary atolotra ho ankatoavin'ny Fivoriambe. Ny fifidianana Mpitandrina dia fitondrana manokana, iarahana amin'ny Birao Foibe FPMA ary mipetraka ho andraikiny izany.

Andraikitra itambaran'ny Birao amin'ny ankapobeny

Andininy 38 :  
- Ny Biraon'ny Tafo no tompon'andraikitra voalohany eo amin'ny fiainan'ny Tafo. Izy no mijery sy miantoka ny fanajana ny Lalampanorenana sy ny Fitsipika anatiny ary ny hevitra tapaka tamin'ny Synoda Lehibe, Komity Maharitra, Synodam-paritany sy ny Komitim-paritany.  
- Izy no mandrindra ny fiainan'ny Tafo : ara-panahy, ara-pifandraisana, ara-bola. Manentana ny olona hazoto hivavaka hatrany.  
- Mamolavola izay hevitra rehetra entina eo amin'ny ambaratongam-pitondran'ny Tafo  
- Manatanteraka ny asa sy ny hevitra tapaky ny ambaratongam-pitondrana eo amin'ny Tafo : Komity, Fivoriambe.  
- Manao tatitra any amin'ny Birao Foibe sy ny Biraon'ny Faritany ny asa vita sy ny fiainan'ny tafo ary ny tetik'asa ho amin'ny taona manaraka.  
- Noho izany, ny Birao no modely amin'ny fiainam-bavaka, amin'ny fahendrem-panahy, amin'ny fifankatiavana sy ny fahaizana miara-miasa, mba hahatanteraka ny fampandrosoana ny Tafo, araka ny voalazan'ny Soratra Masina ao amin'ny Efesiana 4.11-16.

Andininy 39: Ny Birao no mandray ny soso-kevitra rehetra avy amin'ny mpiangona, ary mitondra azy eo amin'ny Komitin'ny Tafo.

Andininy 40 : Ny Birao no manome alalana ahazoana mampiasa ny anaran'ny Tafo na manao zavatra amin'ny anarany.

Andininy 41 : Mivory indray mandeha isam-bolana ny Birao manomana ny Fivorian'ny Komitin'ny Tafo. Ny Filoha na ny Mpitandrina no miantso sy mitarika ny fivoriana.  
Ny votoatin'ny hevitra tapaka tamin'ny fivorian'ny Birao farany dia vakiana amin'ny fivorian'ny Birao manaraka ary ankatoaviny rehefa nampiana sy nahitsy ka ekeny ny voasoratra farany rehetra tao.

Andininy 42 : Manao tatitry ny asa natao sy ny toe-bola isaky ny Fivorian'ny Mpanandray ny Birao.

Andininy 43 : Misy **Fivorian'ny Biraosy ara-potoana** raha :

- hitan'ny Filoha fa ilaina ;
- mangataka izany ny Mpitandrina ;
- miara-mangataka ny mpikambana efatra (4) hafa.

Ny Filoha na ny Mpiandrina no miantso sy mitarika ny fivoriana.

Andininy 44 : Tsy misy fivorian'ny Biraosy raha latsaky ny telo (3), ankoatra ny Mpitandrina, ny isan'ny mpivory.

## **E - NY FOMBA FIASAN'NY BIRAO**

Andininy 45 : Manana vato iray (1) avy ny mpikambana ao amin'ny Biraosy amin'ny fivoriany.

Lany ny hevitra mahazo vato betsaka indrindra.

Raha misy fitovian'ny isa eo amin'ny mpomba ny hevitra mifanohitra aorian'ny fihodinana faharoa, dia ny Filoha no manapaka.

Miara-mizaka ny hevitra tapaka ny mpikambana rehetra ary tsy azony atao ny mifanohitra izay hevitra tapaky ny Biraosy entina eo amin'ny Fivorian'ny Komitin'ny Tafo.

Tanana an-tsoratra ny fivoriana rehetra.

Andininy 46 : Raha misy fanapahan-kevitra maika tsy maintsy raisina, kanefa tsy afaka mivory haingana ny Komitin'ny Tafo, dia azon'ny Biraosy atao ny mandray izany fanapahan-kevitra izany, raha tsy mifanohitra amin'ny toro-làlana nomen'ny rafi-pitondrana samihafa eo amboniny.

Manao tatitra momba izany ny Biraosy eo amin'ny fivorian'ny Komitin'ny Tafo manaraka.

## **F - NY ANDRAIKITRY NY MPIKAMBANA AO AMIN'NY BIRAO**

Toy izao ny andraikitra ny tsirairay ao amin'ny Biraosy :

Andininy 47 : Ny **Filoha**

a) Ny andraikiny

- Misolo tena ny Tafo eo amin'ny fanjakana, sy ny manam-pahefana isan-tokony, eo amin'ny fiarahamonina. Izy no tompon'andraikitra voalohany, miaraka amin'ny Mpitandrina, misolo tena ny Tafo amin'ny Foibe FPMA;
- Manao sonia ny fifanarahana an-tsoratra rehetra.
- Mpikambana avy hatrany ao amin'ny Komitin'ny Faritany ;
- Misolo tena ny Tafo eo amin'ny fiangonana rahavavy sy ny fikambanana hafa;
- Tompon'andraikitra amin'ny fifandraisana amin'ny Sampana sy ny Tarik'asa ;
- Tompon'andraikitra amin'ny fomba fiasan'ny Biraosy sy ny Komity;
- Tompon'andraikitra amin'ny fiainan'ny Tafo amin'ny ankapobeny.
- Misolo ny Mpitandrina, raha tsy afaka na tsy eo ny Mpitandrina, ka mitarika ny fivorian'ny Biraosy, sy ny Komity.
- Mitarika ny Fivoriamben'ny Tafo anaovana tatitra mikasika ny fiainan'ny Tafo sy anapahana ny Tetikasa sy ny Tetibola.
- Manao tatitra moraly momba ny fiainan'ny Tafo, eo amin'ny Fivoriambe.
- Mandinika miaraka amin'ny Mpitahiry volan'ny Tafo izay fomba hanatanterahana ny famoahambola, araka ny Tetibola sy ny laharam-pahamehana.
- Mitondra eo amin'ny Biraosy ny Tafo izay olana rehetra mikasika ny fiainan'ny Tafo.
- Tompon-sonia, miaraka amin'ny Mpitahiry volan'ny Tafo sy ny Mpitantsoratra momba ny vola, mikasika ny taratasim-bola any amin'ny Banky itehirizana ny volan'ny Tafo.

b) Ny olona mifanandrify amin'izany :

- Ny Filohan'ny Tafo dia olona afaka miara-miasa tsara amin'ny Mpitandrina, afaka mifandray amin'ny mpikambana rehetra ao amin'ny Tafo, sy amin'ny olona rehetra any ivelan'ny Tafo.
- Ny Filohan'ny Tafo dia eken'ny rehetra teny sady manam-pahendrena sy fiainam-panahy iantohana

- ny firindran'ny fiainan'ny Tafo, miaraka amin'ny Mpitandrina sy ny Biraon'ny Tafo.
- Tsy manana olana amin'ny banky amin'ny maha-tompon-tsonia momba ny volan'ny Tafo azy.

Miara-miasa akaiky amin'ny Mpitandrina ny Filohan'ny Tafo, amin'ny fanatanterahana ireo andraikitra manokana ireo

Andininy 48 : Ny **Mpitandrina** :

a) Ny *andraikiny* :

- Miandraikitra ny fiainam-panahin'ny Tafo, hahatonga ny mpiangona hiorina amin'ny finoana, hifankatia, hanao ny asa takian'ny finoana ho fijoroana vavolombelon'i Jesoa Kristy, Lohan'ny Fiangonana.
- Ny andraikiny voalohany dia ny mitory ny Tenin'Andriamanitra, manofana ny Diakona, ny Sampana, ny Vaomiera samihafa, ny tompon'andraikitra isan-tokony.
- Mitarika ny fivoriana rehetra : Biraon, Diakona, Komity, afa-tsy ny an'ny Fivoriamben'ny Tafo.
- Mampifandray ny Tafo amin'ny Foibe FPMA sy ny amin'ny Fiangonana sy fikambanam-pivavahana samihafa.
- Misolo ny Tafo amin'ny iraka ivelany andefasanan'ny Tafo solontena. Raha tsy afaka izy dia ny Filoha na ny iray ao amin'ny Biraon no mandeha. Raha tsy misy fanampian'ny Foibe FPMA dia iantohan'ny Tafo ny saran-dàlana, ny sakafo, ny hotely mikasika izany iraka izany.
- Manao tatitry ny asany sy ny fianan'ny tafo iandraiketany isaky ny volana Novambra amin'ny Biraon Foibe.

b) Ny *olona mifanandrify amin'izany* :

- Ny Mpitandrina dia olona manaiky ny rafi-pitondrana FPMA sy ny hevitra tapaka rehetra ao anatiny.
- Noho izany, ny Mpitandrina dia olona mahatoky, manana fiainam-panahy sy fahaizana mampita hevitra ka maharesy lahatra sady manentana. Raiamandrenin'ny rehetra ny Mpitandrina. Azo ifanakalozan-kevitra. Mihaino ny hevitra samihafa nefa kosa mijoro amin'ny marina araka ny sitrapon'Andriamanitra, izay ambaran'ny Soratra Masina sady mifanaraka amin'ny Fitsipiky ny FPMA.

Andininy 49 : Ny **Filoha lefitra**

a) Ny *andraikiny* :

- Manampy sy misolo ny Filoha raha misy tsy fahafahany amin'ny fotoana voafetra.
- Miara-miasa akaiky amin'ny Mpitandrina sy ny Filoha.
- Tompon'andraikitra voalohany amin'ny fifandraisana anatin'ny tafo.
- Izy no interface'ny Sampana sy ny Vaomiera amin'ny Biraon'ny tafo.

b) Ny *olona mifanandrify amin'izany* :

- Ny olona ilaina amin'izany dia mitovy amin'ny ankapobeny, amin'izay ilaina amin'ny Filoha.

Andininy 50 : Ny **Mpitantsoratra**

Roa ny Mpitantsoratra ny Tafo. Iray ihany anefa ny fototry ny asan'izy ireo ka izy no mifandamina eo amin'ny fanatanterahana ny andraikitra.

a) Ny *andraikiny* :

- Mandray an-tsoratra ny fivoriana rehetra ataon'ny Tafo : Biraon, Diakona, Komity, Fivoriambe sns; ary manaparitaka ny PV amin'ny mpikambana ao amin'ny Biraon sy ny Komity alohan'ny fotoam-pivoriana manaraka.
- Mitahiry ny boky sy ny taratasy ny fiangonana.
- Milaza ny vaovaom-piangonana.
- Mirakitra ny fitanana an-tsoratra rehetra ka manavaka tsara ny hevitra noresahina fotsiny sy ny hevitra tapaka na nifanarahana.
- Manao ny raharaham-pifandraisana rehetra ato amin'ny Tafo : taratsy fiantsoana, telefona sns ka vatsiana vola sy fitaovana izy amin'izany.
- Mampita ny raharaha tokony ho fantatry ny Tafo ao am-piangonana, amin'ny fotoana ilana izany.
- Manao sy mitana ny lisitry ny mpiangona rehetra ato amin'ny Tafo : lisitry ny mpiangona tsotra, ny Mpandray, ny Diakona, ny Komity, ny natao mariazany sy batisa, sns.
- Manao sy mitana ny taratasy mirakitra ny inventaire-n'ny fananan'ny Tafo.

b) Ny *olona mifanandrify amin'izany* :

- Noho izany, ny Mpitantsoratra ny Tafo dia olona afaka manoratra na mampiasa fitaovam-panoratana sy fitaovam-pifandraisana. Miteny sy manoratra teny malagasy sy teny frantsay.

**Andininy 51 : Ny Mpitahiry vola***a) Ny andraikiny :*

- Tompon'andraikitra ny fananan'ny Tafo sy ny fitazonana an-tsoratra ny vola miditra sy mivoaka ao amin'ny fiangonana.
- Miaraka mamolavola amin'ny Vaomieran'ny vola izay hevitra rehetra momba ny fidiran'ny vola ato amin'ny Tafo ka mampifandray izany amin'ny fiainan'ny Tafo.
- Miaraka mamolavola amin'ny Mpitantsoratra momba ny vola sy ny Vaomieran'ny vola ny Tetibola atolotra ny ambaratongam-pitondrana ato amin'ny Tafo.
- Ampian'ny Mpitantsoratra momba ny vola amin'ny fandraisana ny vola rehetra miditra ato amin'ny Tafo : rakitra, adidy, vokatra sns
- Tompon'andraikitra voalohany, ampian'ny Diakona, amin'ny fanisana ny rakitra ao am-piangonana.
- Mifandamina amin'ny Mpitantsoratra momba ny vola amin'ny fandrotsahana ara-potoana ny vola any amin'ny banky.( Jereo Fitsipika Anatin'ny Fizarana F : Ny fampidirana ny vola, fitehirizana sy fitantanana azy, And. 20.3 sy 20.4).
- Mitana ny carnet de chèque sy ny taratasy fanamarinana rehetra.
- Mitana ny boky momba ny vola miditra sy mivoaka, araka ny antony avy, mifanaraka amin'ny Tetibola tapaky ny ambaratongam-pitondrana ato amin'ny Tafo.
- Miara-mandinika amin'ny Filohan'ny Tafo, ny Mpitantsoratra momba ny vola, ny Filohan'ny Vaomieran'ny vola izay olana mikasika ny fidiran'ny vola sy ny fivoahany ary mitondra izany eo amin'ny ambaratongam-pitondrana ato amin'ny Tafo.
- Manao tatitra isam-bolana momba ny vola ka mampiseho izany eo amin'ny ambaratongam-pitondrana ato amin'ny Tafo : Birao, Komity, Fivoriambe.
- Tompontsonia miaraka amin'ny Filohan'ny Tafo sy ny Mpitantsoratra momba ny vola, mikasika ny taratasim-bola ifandraisana amin'ny banky itehirizana ny volan'ny Tafo.

*b) Ny olona mifanandrify amin'izany :*

- Noho izany, ny Mpitahiry volan'ny Tafo dia olona manana fahalalana momba ny comptabilité.
- Tsy manana olana amin'ny banky amin'ny maha-tompontsonia momba ny volan'ny Tafo azy.

**Andininy 52 : Ny Mpitantsoratra momba ny vola***a) Ny andraikiny :*

- Manampy ny Mpitahiry volan'ny Tafo amin'ny fandraisana ny vola rehetra miditra ato amin'ny Tafo : rakitra, adidy, vokatra, voady sns. Mitana izany an-tsoratra.
- Miara-mamolavola amin'ny mpitahiry vola sy ny Filohan'ny tafo ary ny Filohan'ny Vaomieran'ny vola ny Tetibola atolotra ny ambaratongam-pitondran'ny Tafo.
- Tompon'andraikitra faharoa, ampian'ny Diakona, amin'ny fanisana ny rakitra ao am-piangonana sy ny vola arotsaka ao amin'ny fitehirizam-bolan'ny Tafo.
- Mifandamina amin'ny Mpitahiry vola amin'ny fandrotsahana ara-potoana ny vola any amin'ny banky.
- Mitana lelavola voafetra ho fitsinjo ny famoaham-bola maika amin'ny zavatra madinidinika (provision)
- Tompon-tsonia, miaraka amin'ny Filohan'ny Tafo sy ny Mpitahiry vola, amin'ny taratasim-bola any amin'ny banky itehirizana ny volan'ny Tafo.

*b) Ny olona mifanandrify amin'izany :*

- Noho izany, toy ny Mpitahiry vola, ny Mpitantsoratra momba ny vola dia olona manana fahalalana momba ny comptabilité.
- Tsy manana olana amin'ny banky amin'ny maha-tompontsonia amin'ny volan'ny Fiangonana azy.



## **Toko fahafito : NY DIAKONA**

### **ANDRAIKITRY NY DIAKONA**

Andininy 53 : Ny Diakona dia mpiara-miasa amin'ny Mpitandrina amin'ny fiandrasana ny ondrin'Andriamanitra (jereo Fanekena fito ataon'ny Diakona, araka ny Litorjian'ny FPMA, izay mampiasa ny litorjia FJKM sy FLM). Ambarany eo anatrehan'Andriamanitra sy ny Fiangonana amin'ny fanokanana na fandraisan-tànana azy. Fa hiezaka ny hanaja hatrany izany fanekena izany izy.

Andininy 54 : Ferana araka ny isan'ny Mpandray ny Fanasan'ny Tompo ny isan'ny Diakona ilaina; ka Diakona iray isaky ny Mpandray ny Fanasan'ny Tompo dimy no amerana azy.

Andininy 55 : Roa taona no fe-potoana iasan'ny Diakona dia havaozina izy. Isaky ny roa (2) taona mandritra ny Fivorian'ny Mpandray no hanaovana ny fifidianana.

Andininy 56 : Faritan'ny Soratra Masina ny tokony ho toetran'ny Diakona Vakio : Titosy 1: 5,6; I Timoty 3: 8, 9, 11.

Andininy 57 : Miara-mizaka ny hevitra lany sy ny vokany ny Diakona rehetra.

Raha misy fifanolanana eo amin'ny Diakona ka iantsoana fivoriana tsy ara-potoana, dia atao « Recommandé avec Accusé de Réception » ny fangatahana sy ny fiantsoana fivoriana.

### **FIFIDIANANA DIAKONA**

Andininy 58 : Mahazo mifidy sy azo fidina tsy misy fepetra ho Diakona ny mpikambana feno, na lahy na vavy, voasoratra aradalàna ao amin'ny bokim-piangonana rehefa manaiky hanao izany..

Misy tsanganana (colonnes) efatra ny listra misy ny taratasy mirakitra ny anaran'ny Mpandray ny Fanasan'ny Tompo rehetra. Io taratasy io ihany no taratasim-pifidianana, ny tsanganana volohany dia ny nomeraon'ny Mpandray, ny tsanganana faharoa dia ny anaran'ny Mpandray alahatra araka ny alafabeta, ny tsanganana fahatelo dia filazany hoe tsy ho fidina, ny tsanganana fahafetra dia hasian'ny mpifidy marika x manandrify anaran'ny Mpandray manaiky ho fidina. Ny marika x amin'izay dia manondro ny fifidianany ilay Mpandray.

Andininy 59: Atao telo (3) volana fara fahakeliny, mialoha ny fifidianana Diakona, ny lisitry ny Mpandray ny Fanasan'ny Tompo rehetra.

Andininy 60 : Tondroina mazava tsara ny andro sy ny ora ary ny toerana hanaovana ny fifidianana.

Antsoina intelo (3) eo amin'ny raharaham-piangonana izany sady ampahafantarina amin'ny fomba azo ampiasaina, ho ren'ny rehetra.

Andininy 61 : Mandritra ny andro anaovana ny fifidianana dia atsangana ny Vaomieran'ny fifidianana Diakona. Tsy ho ao anatin'io ny Biraon'ny Fiangonana amperin'asa. Tsy ao anatin'io koa ny olona milatsaka ho fidina Diakona. Io Vaomiera io no mampanao ny fifidianana : manisa ny vato ary manolotra izany ny Biraon'ny Fiangonana amperin'asa.

Andininy 62 : Ferana ho ny Mpandray manatrika ny andro fifidianana ihany no mandatsa-bato.

Tsy ekena ny fifidianana *par procuration*.

- Andininy 63 : Latsabato miafina no anaovana ny fifidianana Diakona.  
Atao ao anaty lisitra maromaro, ampy ho an'ny Mpifidy rehetra ny anaran'ny olona hofidina Diakona. Efa misy toerana (case) hasian'ny mpifidy tsipika amin'izay anaran'olona fidiny . Izay mahazo vato be indrindra no lany.
- Andininy 64 : Ampahafantarina amin'ny alalan'ny tabilao na taratasy ny anaran'ny Diakona voafidy sy ny voafidy an-tratra.
- Andininy 65 : Raha misy mahazo vato mitovy manomboka eo amin'ny laharana farany, dia izay zokiny ara-taona no lany.
- Andininy 66 : Ny voafidy an-tratra dia ireo olona folo (10), nahazo vato manarakaraka ny voafidy. Izy ireny no raisina, arakaraky ny isam-bato azony tamin'ny fifidianana Diakona, rehefa misy toerana banga noho ny antony maro samihafa : fialana noho ny fifindran-toerana amin'ny asa, fahafatesana na antony hafa. Izany no atao dia mba hisorohana fanaovana fifidianana eny anelanelam-potoana rehefa misy toeran'ny Diakona banga.
- Andininy 67 : Avy amin'ny Diakona voafidy ka naharaka tsara ny fiofanana no fifidianana izay ho Biraon'ny Fiangonana.  
Ny samy Diakona no mifidy ny Biraon'ny Fiangonana ary tsy maintsy tanterahana ao anatin'ny roa (2) volana aorian'ny fifidianana Diakona izany mba ahafahan'ny Biraon'ny Fiangonana mametraka ny taratasy rehetra any amin'ny Fanjakana sy ny Banky ao anatin'ny telo (3) volana fe-potoana ara-dalàna tsy azo hihoarana.  
Tokanana miaraka amin'ny fanokanana Diakona ny Biraon'ny Fiangonana.

## **FIOFANANA sy FANOKANANA NY DIAKONA**

- Andininy 68: Miofana araka ny fandaharana ataon'ny Mpitandrina, mifanaraka amin'ny Fotodalanana'ny Fiangonana FPMA, FJKM na FLM aloha ny Diakona lany tamin'ny fifidianana. Aorian'izany izy ireo vao tokanana handray ny asany. Miofana miaraka amin'ny voafidy koa ny an-tratra.
- Andininy 69: Raha misy Diakona tsy mahafa-po amin'ny fanarahany fiofanana, izany hoe tsy naharaka ny antsasaky ny fanofanana dia dinihina aloha ny fanokanana azy. Ny Diakona rehetra, tarihan'ny Mpitandrina, no manao izany fandinihana izany. Izany no atao dia ny mba hananan'ny Fiangonana Diakona tsara ofana amin'ny asany.

## **FIALANA SY FANOLOANA NY BANGA**

- Andininy 70 : Raha misy Diakona tsy afaka manatanteraka ny fanompoany mandritra ny fotoana voafetra, ka tsy mihoatra ny telo (3) volana, dia mifanamboatra ny Diakona sisa.  
Raha mihoatra ny telo (3) volana no tsy fahafahan'ny Diakona iray dia naman'ny nametra-pialàna izy.  
Raha tompon'andraikitra ao amin'ny Biraon'ny Fiangonana no tratry ny fahasamponana, ka hitan'ny mpikambana sisa fa tsy araka ny asa, dia afaka miantso Diakona hisolo azy ny Filoha mandra-piveriny.
- Andininy 71 : Ny fametraham-pialàna dia omena ny Filoha.  
Manohy ny asany mandra-panendry ny solony izay miala.  
Raha misy Diakona miala ka tsy afaka manohy ny asany dia ny diakona voafidy an-tratra nahazo vato be indrindra no misolo azy ary manapitra ny mandat'ny Diakona nosoloiny izy.
- Andininy 72 : Amin'ny Fivoriana'ny Mpanjiry manaraka ny fametraham-pialàna no mifidy ny Diakona hisolo ny miala na lasa.

## **FAMINDRAM-PAHEFANA SY ASA**

Andininy 73: Vitaina ao anatin'ny iray (1) volana manaraka ny fifidianana ny Biraos raha ela ny famindram-pahefana. Asiana fitanana an-tsoratra isaky ny andraikitra ny fifandimbiasan-toerana rehetra ary atrehan'ny Mpitandrina izany.

Andininy 74: Misy famindram-pahefana raha Diakona mitàna andraikitra ao amin'ny Biraos no miova.  
Atrehin'ny Filoha ny famindram-pahefana rehetra.  
Atrehin'ny Diakona rehetra ny famindram-pahefana raha ny Filoha no vaovao.  
Atrehin'ny Filoha vaovao sy taloha ny famindram-pahefana raha ny Biraos manontolo no miova.  
Ny Mpitandrina mpandrindra ny tafo dia manatrika koa an'ireo rehetra ireo.

## **Toko fahavalo : SAMPANA – FIRAISAN'NY SAMPANA- VAOMIERA**

### **A - NY VAOMIERA sy ny ANDRAIKITRY NY MPIKAMBANA**

Andininy 75: Misy sokajiny roa ny VAOMIERA :  
- Ny Vaomiera maharitra takian'ny asa lavitr'ezaka;  
- Ny Vaomiera tselika.

Andininy 76: Tsy fahefana eo amin'ny FPMATR ny Vaomiera fa rafi-pandaminana ihany. Noho izany, ny fanapahan-kevitra lehibe ataony dia ampandaloviny amin'ny rafi-pitondran'ny Fiangonana : Biraos, Komity, Fivoriamben'ny Tafo. Anjaran'ny Biraos ny Fiangonana ny mandrindra ny asan'ny Vaomiera dimy.

Andininy 77: Asan'ny FPMATR manontolo no atao. Noho izany dia ampirisihina araka izay azo atao ny Mpiangona rehetra tsirairay avy hirotsaka hanatevin-daharana ny Vaomiera rehetra.  
Diakona ny mpiandraikitra ny Vaomiera maharitra ary manana solontena iray avy ao koa ny Sampana. Mpikambana feno ao amin'ny Vaomiera ny solontenan'ny Sampana.

Ny Tafo dia hanangana ireto Vaomiera maharitra ireto :

Andininy 78: Vaomiera **Fanentanana ara-panahy sy ny Fanompoam-pivavahana**  
- Ny Mpitandrina ampian'ny Diakona no mitarika ny Vaomiera misahana izany.  
- Mivory isaky ny roa volana ny Vaomiera mamaritra ny soritr'asany mandritra ny enim-bolana ka ao anatin'izany ny fanaovana fandaharam-piangonana itsinjarana ny anjaran'ny Sampana sy ny tompon'andraikitra samihafa amin'ny fotoam-pivavahana : Mpitoriteny, Mpamaky teny, Manao vavaka fangataham-pitahiana, Mpitendry zavamananeno, Mpitati-rakitra, Diakona mampandray, sns.  
- Manana biraos mitarika azy ny Vaomieran'ny fanentanana ara-panahy. Ao amin'izany Biraos izany dia misy ireto : Filoha iray izay ny Mpitandrina (1), Filoha Lefitra iray izay Diakona (1), Mpitantsoratra iray (1).

Andininy 79: Vaomieran'ny **Vola sy ny enti-manana**  
- Ao anatin'ny Vaomiera avy hatrany ny Mpitahiry vola sy ny Mpitantsoratra momba ny vola. Anjaran'ny Vaomiera misahana ny andraikitra momba ny vola, Vaomieran'ny vola, ny manaraka ny fanatanterahana izay voalaza ao amin'ny Lalampanorenana sy izay faritan'ny Fitsipika Anatin'ny momba izany.  
- Manentana ny Tafo amin'ny fiainana ara-bola.  
- Manana biraos mitarika azy ny Vaomieran'ny vola. Ao amin'izany Biraos izany dia misy ireto : Filoha iray (1), Filoha Lefitra iray (1), Mpitantsoratra iray (1).  
- Mivory indray mandeha isam-bolana ny Vaomiera. Raha misy anefa antony manokana ilana ny heviny dia antsoina hivory izy.

Andininy 80: Ny Mpiandraikitra ny sy **Fiofanana** no :  
- Mikarakara miaraka amin'ny mpitandrina ny fiofanana (ny lohateny, ny mpanofana, ny toerana...) sy

- ny fandavorariana azy;
- Mandrindra sy manomana ara-pitaovana ny fiofanana;
- Misahana ny firaketana sy ny fanaparitahana azy.

Andininy 81 : Vaomieran'ny **Fandraharahana sy Fifandraisana**

- Ao anatin'ny Vaomiera avy hatrany ny Mpitantsoratra ny Fiangonana roa.
- Manana birao mitarika azy ny Vaomiera. Ao amin'izany Birao izany dia misy ireto : Filoha iray (1), Filoha Lefitra iray (1), Mpitantsoratra iray (1).
- Mivory indray mandeha isam-bolana ny Vaomiera. Raha misy anefa antony manokana ilana ny heviny dia antsoina hivory izy. Ambonin'ny fivoriana fanaony ny fisahanana ny *bulletin de liaison*.
- Tompon'andraikitry ny Gazetim-piangonana.
- Mikarakara ny fihetsiketsehana ataon'ny fiangonana ankoatra ny mikasika ny fanompoam-pivavahana.

Andininy 82 : Vaomieran'ny **Asa sosialy sy fifanampiana**

- Anjaran'ny Vaomiera momba ny asa sosialy ny manaraka ny fanatanterahana ny Fehim-pihavanana izay tapaka eo amin'ny ambaratongam-pahefan'ny Fiangonana.
- Mikarakara ny asa sosialin'ny Fiangonana.
- Miandraikitra ny famangiana ny Mpikambana sy ny fifandraisana amin'ny mpiangona;
- Mifandray amin'ny fikambanana MAMI eo amin'ny asa sosialy sy kolotoraly;

Andininy 83 : Afaka manangana Vaomiera maharitra hafa ny fiangonana raha ilaina. Ny Fivorian'ny Mpandray no hanapaka izany.

Mahazo manangana Vaomiera tselika hanatanteraka asa voafetra ny Birao, rehefa nifampidinika tamin'ny Komitin'ny Tafo.

Fanolorana tatitra an-tsoratra ny Birao no mamaritra ny faran'ny asan'ny Vaomiera, izany hoe, rava ny Vaomiera rehefa vita ny asa.

Andininy 84 : Isan-taona dia tokony ho tafiditra ao anatin'ny teti-bolan'ny tafo FPMA La Réunion ny tetibolan'ny Vaomiera Tsirairay avy. Hanaovan'ny Vaomiera tatitra amin'ny Birao izany araka ny asa napetraka tamin'ny.

## **B - SAMPANA**

Andininy 85 : Sahan'asa eo ambany fahefan'ny Fiangonana sy miray aminy fa manana ny asany manokana ny Sampana. Ny Sampana tsirairay avy dia fanatanterahana ireo asa aman'andraikitra samihafa, araka ny fanomezam-pahasoavana ataon'ny Tompo amin'ny olona sy izay maha-izy azy manokana (Sekoly Alahady, Vehivavy, Lehilahy, Mpihira, sy ny sisa) .

Andininy 86: Manana ny Biraony sy ny fitsipiny manokana izy, izay tsy afaka manipaka na manohitra ny foto-kevitra ijoroan'ny FPMA ary ny lalàna sy ny fitsipika rehetra manan-kery ao amin'ny Tafo. Angatahana ny fankatoavan'ny Komitin'ny Tafo ny Fitsipika vao manan-kery.

Manana Birao ho azy ny Sampana rehetra. Ao amin'izany Birao izany dia misy ireto : Filoha iray (1), Filoha Lefitra iray (1), Mpitantsoratra iray (1).

Roa taona no fe-piasany.

Ny Filohan'ny Sampana dia tsy maintsy ho mpikambana tompon'andraikitra na Mpandray ny Fanasan'ny Tompo.

Andininy 87 : Tsy maintsy misoratra ao amin'ny bokim-piangonana ny mpikambana any amin'ny Sampana. Omen'ny Sampana ny Biraon'ny Tafo ny lisitry ny mpikambana ao aminy sy ny fiovàna rehetra.

Andininy 88: Manome ny vinavinan' asa sy ny teti-bolany mandritra ny taona amin'ny Biraon'ny Tafo ny Sampana alohan'ny fiantombohan'ny taom-piangonana.

Raha misy asa tiana atao ivelan'ny vinavina mandritra ny taona, dia hiaraha-midinika mialoha amin'ny

Biraon'ny Tafo.

Manao tatitra an-tsoratra isan-telo (3) volana amin'ny Biraon'ny Tafo ny Sampana tsirairay mba ahafantarana ny fandrosoan'ny sampana sy ny asany.

Misy indray mandeha isan-taona fara-fahakeliny ny fivoriamben'ny mpikambana.

Noho izany, mba hisian'ny firindran'ny asa sy ny andraikitra rehetra, izay fanapahan-kevitra lehibe sy asa goavana hataon'ny Sampana dia ampandaloviny hahazo ny fankatoavan'ny ambaratongam-pahefana ao amin'ny Fiangonana : Biraon, Komity, Fivoriambe. Torak'izany koa izay olana ao anatin'ny Sampana ka tsy voavahany dia entiny eo amin'ny ambaratongam-pahefan'ny Fiangonana.

Andininy 89 : Manana soritrasy mazava ho tanterahina ny Sampana, ankoatry ny anjarany eo amin'ny fitarihana ny Fotoam-pivavahana. Manana anjara toerana lehibe amin'izany asa izany ny fanofanana sy fitaizana amin'ny alalan'ny fandinihana Soratra Masina sy fandalinam-pinoana.  
Manana teti-bola momba izany soritrasy izany izy.

Andininy 90 : Mahazo mitady vola hanatanterahany ny asany manokana sy ny adidiny amin'ny Fiangonana ny Sampana. Tsy maintsy mifanaraka amin'izay maha-Fiangonana ny Fiangonana, faritan'ny Lalampnanorenan'ny FPMATR sy ny Fitsipika anatin'ny izany fitadiavam-bola izany.

Andininy 91 : Ny vola ilaina amin'ny fanatanterahana izay fihetsiketsehana hatao amin'izany dia ifanarahan'ny Biraon'ny Sampana amin'ny Mpitahiry volan'ny Fiangonana.  
Ny vola azo amin'ny fitadiavam-bola ataon'ny Sampana dia harotsaka ao amin'ny Fitehirizam-bolan'ny Fiangonana. Misy tatitra mazava an-tsoratra milaza ny fampiasana ny vola sy ny fidirany, miaraka amin'ny taratasy fanamarinana (pièces justificatives).

Andininy 92 : Ny taratasy fanamarinana ny vola mivoaka dia ho eo ampelatanan'ny Mpitahiry volan'ny Fiangonana, hahafahan'ny Mpanamarim-bolan'ny Fiangonana manao ny fanamarinam-bola.  
Misy kopia na fanamarinana hafa (ohatra, ny sosony) momba izany kosa mijanona any amin'ny Sampana.

Andininy 93 : Ampandaloviny amin'ny taratasy an-tsoratra iray volana mialoha fara-fahakeliny amin'ny Biraon'ny Fiangonana izay fitadiavam-bola hataon'ny Sampana. Tapabolana aorian'ny fahavitan'ny fihetsiketsehana dia manao tatitra an-tsoratra amin'ny Biraon'ny Fiangonana izy. Ao amin'izany tatitra izany dia misy antsipiriany tamin'ny vola niditra sy nivoaka ary ny antony avy, miaraka amin'ny taratasy fanamarinana.

Andininy 94 : Adidin'ny Sampana tsirairay avy koa ny mampirindra izay fihetsiketsehana sy asa rehetra ataony amin'ny an'ny Sampana hafa. Amin'ny alalan'ny Firaisan'ny Sampana no anatanterahana izany fampirindrana ny samy Sampana izany. Noho izany, ny Sampana dia hampahafantatra ara-tsoratra ny Firaisan'ny Sampana izay hataony. Ny Firaisan'ny Sampana dia mamory ny Sampana rehetra, miaraka amin'ny Biraon'ny Fiangonana, handrindra ny asa manontolo (jereo Fitsipika anatin'ny, fizarana D : Firaisan'ny Sampana, And.18).

Andininy 95 : Mba hahazoan'ny Fiangonana mahalala ny asan'ny Sampana, hahafahany miombona sy mampahery azy, ny Sampana dia manao tatitra isaky ny enim-bolana amin'ny Fiangonana. Ao anatin'izany tatitra izany dia misy ireto :

- Ny anaran'ny Biraon'ny Sampana.
- *Tatitra moraly* : ny fiainan'ny Sampana nandritra ny enimbolana, ny olana, ny zava-mahafaly sy mahabe fanantenana.
- *Tatitra ara-bola*, mifanaraka amin'izay voarakitra ao amin'ny Fitehirizam-bola tokan'ny Fiangonana, misy ny vola miditra sy ny vola mivoaka miaraka amin'ny antony avy.

Ny Filohan'ny Sampana sy ny Mpitantsoratra no manisy sonia ny tatitra izay ampandalovina amin'ny fivoriamben'ny Sampana mba ho fantatry ny mpikambana rehetra sady ekeny.

Andininy 96 : Tompon'andraikitra amin'ny fitantanana ny volany sy ny fananany ny Sampana.  
Ny Mpitam-bolan'ny fiangonana no mitahiry ny volany.  
Raha misy Sampana rava, dia an'ny fiangonana ny fananany rehetra.

Noho izany dia tsy manana Mpitahiry vola ho azy manokana ny Sampana. Manana Mpitantsoratra iray izy. Ny Filohan'ny Sampana no mifandray amin'ny Mpitahiry volan'ny Fiangonana amin'izay vola rehetra ilainy.

Ny fananan'ny Sampana dia fananan'ny Fiangonana. Misy firaketana an-tsoratra mazava ny fananan'ny Fiangonana ampiasain'ny Sampana. Eo ampelatanan'ny Mpitantsoratra ny Sampana ary anomezany kopia ny Mpitantsoratra ny Fiangonana izany firaketana izany.

Andininy 97 : Afaka mangataka fanorenana Sampana vaovao ny mpikambana rehetra. Hiarahany midinika amin'ny Biraon'ny Tafo izany alohan'ny hitondran'ny Biraon'ny Tafo azy eo amin'ny fivorian'ny Komitin'ny Tafo. Ny Fivorian'ny Mpanandrany no manao ny fanapahan-kevitra farany.

## **D – FIRAIAN'NY SAMPANA**

Andininy 98: Anisan'ny Rafi-pandaminana ato amin'ny FPMATR ny atao hoe Firaisan'ny Sampana (Jereo Lalampianenana, Andininy 10 : Rafi-pandaminana).

Andininy99: Tsy rafi-pitondrana ny Firaisan'ny Sampana ka tsy misolo vaika ny Biraon'ny Tafo na ny Komity na ny Fivoriambemba amin'ny fahefana. Tsy karazana Sampana goavana ambonin'ny Sampana rehetra koa izy ka hanana fahefana amin'ny Sampana handidy sy hanery azy. Fampirindrana ny asan'ny Sampana no andraikiny, mba tsy samy hanao ny azy avy ny Sampana, fa hanao izay voalazan'ny Soratra Masina hoe :  
*“Izy (Kristy) no itomboan'ny tena rehetra izay akambana sy ampiraisina tsara noho ny fifanomboan'ny isantonony, araka ny fiàsan'izay rehetra momba azy amin'izay mety ho anjara asany avy ka hampandrosoany ny tenany amin'ny fitiavana” (Efesiana 4.16).*

Andininy 100 : Ny Firaisan'ny Sampana dia misy ireto :  
 - Ny Filohan'ny Sampana tsirairay avy sy ny Filohan'ny Vaomiera tsirairay avy miampy solontena telo avy amin'ny Sampana sy Vaomiera tsirairay avy  
 - Ny Mpitandrina miampy solontena roa avy amin'ny Biraon'ny Fiangonana.

Andininy 101 Manana ny Biraon'ny Firaisan'ny Sampana. Ireto no ao anatin'izany :  
 - Filoha iray (1) Kendrena mba tsy ho efa Filohan'ny Sampana na Vaomiera misy azy io Filoha io.  
 - Filoha Lefitra iray  
 - Mpitantsoratra roa (2) : Kendrena araka izay azo atao mba tsy ho efa mpitantsoratra any amin'ny Sampana na Vaomiera misy azy.

Andininy 102 Mivory indray mandeha isaky ny telo volana ny Firaisan'ny Sampana.

Andininy 103 Ny votoatin'ny laha-dinika amin'izany fivoriana izany dia ataon'ny Biraon'ny Firaisan'ny Sampana ary alefa mialoha any amin'ny Sampana sy ny Vaomiera ary ny Biraon'ny Fiangonana.

Andininy 104 Anjaran'ny Firaisan'ny Sampana ny mandray izay fandaharam-potoan'ny Sampana sy Vaomiera, miaraka amin'ny fandaharan'asany. Arindrany miaraka amin'ny Biraon'ny Fiangonana izany, mba tsy hifanipaka na hifanosona.

Andininy 105 Ireto asa ireto koa dia apetraka amin'ny Firaisan'ny Sampana mba hifarimbonan'ny Sampana rehetra :  
 - alahady anankiray eo amin'ny fitarihana fotoam-pivavahana eo amin'ny Fiangonana,  
 - voka-dehibe isan-taona iarahan'ny Sampana sy ny Vaomiera mifarimbona,  
 - sakafom-piangonana,  
 - fanampiana ny Biraon'ny Fiangonana amin'ny fikarakarana ny Fitsangatsanganan'ny Fiangonana,  
 - ary ny fihetsetsehana samihafa ataon'ny fiangonana.

Andininy 106 Ny vola azo amin'ireo dia arotsaka ao amin'ny Fitehirizam-bolan'ny Fiangonana. Ny ho enti-manana azy kosa dia alaina ao amin'ny Fitehirizam-bolan'ny Fiangonana.

## **D – KATEKOMENA**

Andininy 107 : Ny Mpitandrina mitantana ny Tafo no tompon'andraikitra voalohany amin'ny fampianarana Katekomea.

Andininy108 Ny Mpitandrina no manendry isan-taona izay mety hisolo azy raha misy tsy fahafahana na fahasamponana.

### **Toko fahasivy : LOHARANO SY FITANTANANA NY VOLA**

Andininy 109 Ny **fidiram-bolan'ny tafo FPMA La Réunion** dia :  
- Rakitra sy vokatra;  
- Fanolorana samihafa;  
- Adidin'ny Mpandray;  
- Vola azo amin'ny asa sy fihetsiketsehana ara-dàlana;  
- Vokatra ara-bolan'ny famelabelarana, fampisehoana, sarimihetsika.....

Andininy 110 Andraikitra ny Vaomieran'ny vola, miaraka amin'ny Mpitahiry vola sy ny Mpitantsoratra momba ny vola ny mikaroka izay fomba rehetra hidiran'ny vola, hanatanterahan'ny Tafo ny asany.

Andininy 111 Tsy azo ampindramina na ampiasain'ny olona ho an'ny tenany ny vola sy ny fananan'ny fiangonana.

Andininy 112 Araka ny voalazan'ny Lalampanorenana, Andininy 12.2, dia tokana ny fitehirizam-bolan'ny FPMATR izay an'ny Fiangonana sy ny Sampana rehetra.

Andininy 113 Ireto avy ny **fandaniam-bola** andavan'andro :  
- Ny fikarakarana ny toeram-pivavahana;  
- Ny fikarakarana ny fotoam-pivavahana;  
- Ny fehim-pihavanana;  
- Ny fiveloman'ny Mpitandrina matihanina;  
- Ny fampandehanana ny asan'ny Birao;  
- Ny adidy amin'ny FPMA Foibe, ny Faritany Atsimo-Andrefana, ny ERF;  
- Ny fanampiana sy ny fihetsiketsehana voafaritry ao amin'ny tetik'asan'ny fiangonana..  
Ny fandaniam-bola ankoatran'ireo dia fandaniana manokana.

Andininy 114 Isan-taona dia misy Tetibola volavolain'ny Vaomieran'ny vola sy ny Mpitahiry vola ary ny Mpitantsoratra momba ny vola ary entina eo amin'ny ambaratongam-pitondran'ny Tafo: Birao, Komity, Fivoriambe. Faritan'ny Komitin'ny Tafo mialoha ao amin'ny teti-bolan'ny taona atolotra eo amin'ny fivoriambe ara-potoana voalohany ny fandaniana andavan'andro.

Andininy 115 Entina eo amin'ny fivorian'ny mpikambana tompon'andraikitra ny fandaniana manokana, rehefa voadiniky ny Komitin'ny Tafo.

Andininy 116 Tsy maintsy voamarin'ny fakitiora sy ny sonian'ny olona nomena azy ao amin'ny bokim-bola ny vola rehetra mivoaka.  
Ny vola mivoaka rehetra dia tsy maintsy misy taratasy fanamarinana ara-dalàna. Mipetraka any amin'ny mpitahiry volan'ny Tafo ny taratasy fanamarinana momba ny vola mivoaka rehetra na ny momba ny Fiangonana na ny momba ny Sampana.

Andininy 117 Arotsaka any amin'ny banky avy hatrany ny vola rehetra miditra amin'ny Tafo. Tsy misy famoaham-bola mivantana azo atao, na inona na inona antony.  
Ny Mpitahiry volan'ny Tafo, ampian'ny Mpitantsoratra momba ny vola no miandraikitra ny fandrotsahana arapotoana any amin'ny banky ny vola miditra rehetra.

## **Toko fahafolo : NY MPANAMARIM-BOLA**

Andininy 118 Mijery ny fahamarinan'ny soratra rehetra momba ny vola sy ny fifanarahany amin'ny Tetibola tapaky ny ambaratongam-pitondran'ny Tafo, ao amin'ny bokim-bola, no votoatin'ny asan'ny mpanamarim-bolan'ny Tafo. Jereny amin'izany koa ny taratasy fanamarinana rehetra eo ampelatanan'ny Mpitahiry volan'ny Tafo.

Andininy 119

Roa ny Mpanamarim-bolan'ny FPMATR, fidin'ny Fivoriamben'ny Tafo izy ireo ary izy no Mpanamarim-bolan'ny Fiangonana sy an'ny Sampana. Izy roa tonta ireo no mifanaraka amin'izay fomba hiarahany mifarimbona manao ny asa.

Andininy 120 Isam-bolana, alohan'ny anaovan'ny Mpitahiry vola tatitra eo amin'ny ambaratongam-pitondran'ny Tafo no anatanterahan'izy ireo ny asany.

Andininy 121 Manao tatitra an-tsoratra milaza ny vokatra ny fanamarinana nataony ny mpanamarim-bola. Vakina miaraka amin'ny tatitra ataon'ny Mpitahiry vola ny tatitry ataon'ny Mpanamarim-bola.

## **Toko faha-iray ambin'ny folo : FITANTANANA NY FANANAN'NY TAFO**

Andininy 122 Raisina an-tsoratra dia tehirizina amin'ny boky ny anarana sy ny mombamomba ireo fananan'ny Fiangonana rehetra . Ny Mpitantsoratra ny Tafo no manao izany asa izany.

Andininy 123 Araka izay azo atao dia akambana amin'ny toerana tokana izay ifanarahan'ny ambaratongam-pitondran'ny Tafo ireo fananana ireo.

Andininy 124 Tsy azo amidy na atakalo ny fananan'ny Tafo, raha tsy misy antony manokana tapaky ny ambaratongam-pitondran'ny Tafo.

Andininy 125 Tompon'andraikitra amin'ny fampiasan'ny Fiangonana ireo fananany ireo ny Biraon'ny Tafo. Ny Biraon'ny Tafo no mahita izay fampindramana azo atao amin'ny fananan'ny Tafo.

## **Toko faha-roa ambin'ny folo : FEHIM-PIHAVANANA**

Andininy 126 Toy izao ny momba ny Fehim-pihavanana : « Ny fitandroana ny fihavanana sy ny fifampitondrana izay mahavesatra no kendrena amin'ny Fehim-pihavanana, araka ny voalazan'ny Soratra Masina (Galatiana 6.2) sy ny fahendrena malagasy (Aleo very tsikalakalam-bola toy izay very tsikalakalam-pihavanana) ».



**\*\* Ankasovana :**

- Fanambadiana
- Teraka
- Batisa
- Fanokanana ho Mpandray ny Fanasan'ny Tompo.

**\*\* Ankaratsiana :**

- Marary
- Famoizana ( ray aman-dreny, vady, zanaka, iray-tampo )

Andininy 127 Amin'ny ankasovana, mamangy ny fiangonana rehefa mahazo fampanandresana. Amin'ny ankaratsiana, hangatahana izay mandre hilaza avy hatrany amin'ny Komitin'ny Tafo. Ho dinihan'ny Komitin'ny Tafo manokana izay tsy voafaritry eto, ary entina ho tapahin'ny fivorian'ny tompon'andraikitra.

Andininy 128 Toy izao ny fifampitondrana amin'ny Fehim-pihavanana :

- Marary
- Famangiana manjo
- Famangiana ny teraka
- Fiarahabana sy fitsofan-drano samihafa
  - Mariazy omena Baiboly raha hamasinina ato am-piangonana, omena vola kosa raha hamasinina any an-toeran-kafa.
  - Afa-panadinana raha mampandre

Andininy 129 Amboarina hatrany hifanaraka amin'ny toetr'andro ny famaritana ny vola amin'ny Fehim-pihavanana Isaky ny roa (2) taona no tapahana eo amin'ny fivoriambe voalohany ny Fandraisan'ny fiangonana anjara amin'ny fifampitondrana.

## **Toko faha-telo ambin'ny folo : FIFANOLANANA SY ALA-OLANA**

Andininy 130 Raha misy olona minia tsy manaja ny Lalampanorenana sy ny Fitsipika Anatin'ny tafo ka manakorontana na manao fahadisoana lehibe dia ampanantsoina eo amin'ny Birao sy ny Komity izy. Afaka manao fanazavana hiarovany tena izy. Raha hita fa manimba ny fiainan'ny Fiangonana ny ataony dia manapa-kevitra ny ambaratongampitondran'ny Fiangonana amin'ny fanesorana azy tsy ho isan'ny mpikambana.

Andininy 131

Entina ho dinihan'ny Komitin'ny Tafo ny fifanolanana rehetra mitranga ao amin'ny tafo. Raha tsy hita ny ala-olana, dia entina eo amin'ny fivorian'ny mpikambana tompon'andraikitra. Raha mbola tsy voavaha ihany, dia apetraka eo amin'ny Komitin'ny Faritany, izay hitondra azy eo am-pelatànan'ny Komity Maharitra raha ilaina.

## **Toko faha-efatra ambin'ny folo : FANDIKANA NY FITSIPIKA**

Andininy 132 Ny lalampanorenan'ny tafo (statuts tafo FPMA iombonana) dia tsy azo ovana raha tsy efa nampandre mialoha ny Birao Foibe ny amin'ny fanovana heverina atao, ka nahazoan'ny tafo fankatoavana avy amin'ny Birao Foibe.

Andininy 133 Izay fandraisan'ny Komitin'ny Tafo azy no dikan-teny andraisana ity Fitsipika Anatin'ny tafo ity eo amin'izay ilaina azy.

Andininy 134 Azo atao ny manova ny Fitsipika anatin'ny, rehefa hita fa ilaina izany. Mba hisorohana ny fanovana matetika dia isaky ny roa taona, aorian'ny fahataperan'ny mandat-n'ny Diakona sy ny Biraon'ny Tafo no anaovana izany.

Raisina avokoa izay soso-kevitra rehetra atolotra ny Biraon'ny Tafo mandinika azy ary mitondra izay tena hita fa mitombina eo amin'ny Komity sy ny Fivoriamben'ny Tafo.

Ny roa ampahatelon'ny Mpandray (2/3) no mahalany ny fanovana vao ekena izany. Tsangan-tànana na latsabato miafina no anaovana ny fanapahan-kevitra.

Atolotra ny Foibe FPMA ny fanovana ary ekeny vao manan-kery. Ny Biraon'ny Tafo no mandefa izany an-tsoratra any amin'ny Foibe FPMA ary manao izay hahazoana ny valin'izany an-tsoratra avy any amin'ny Foibe FPMA, haingana araka izay azo atao. Rehefa tsy mahazo valiny iray volana dia heverina fa ekena izany.

## **FEHINY**

Ity Fitsipika anatin'ny Tafo La Réunion ity dia nahazo ny fankatoavana avy tamin'ny Biraon'ny Tafo Foibe anio Alarobia 12 Febroary 2003.